

BETAFO

4

MATY NODAROHANA TAMIN'NY "BOIS ROND" IZY MIANAKA Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7644 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 16 aogositra 2023

MARINA IZANY !

7

SAROTRA NY FANDIDIANA !

BAKALOREA 2023

8



MAHAJANGA 56,96%,
ANTSIRANANA 66,32%
NY TAHAM-PAHAFAHANA

FIFIDIANANA

7



KANDIDA HO FILOHA I LALAINA RATSIRA- HONANA

SITENY RANDRIANASOLONIAIKO

7



ANY TOLIARA NO HILAZA
NY MAHA KANDIDA AZY

ANTANANARIVO RENIVOHitra

8

"TSY MATI- HANINA NY 82 ISAN- JATON'NY TAXI-MOTO"



KITRA
LIGIN'I DIANA

8

HITONDRA
FANOVANA
NY FILOHA
ANATOLE

FANTINA

8

SAKAMALAO,
TANTELY
AZO
ITSABOANA
NY ALERZIA

YASMINE FIDIMALALA

HANEHO
NY "AINGAM-
PANAHY"

2



Telma

MIRESAKA FOANA,
ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

M'Ora

500 Ar

25 SMS • 25 Mo

TSINDRIO NY #322*20#



GCL 586/26-13

Yasmine Fidimalala

Haneho "Aingampanahy" ao amin'ny Hôtel La Terrasse

« Aingampanahy ». Io no lohahevitra entin'i Yasmine Fidimalala manamarika ny fampirantiana ny sanganasany ao amin'ny Hôtel La Terrasse Rue De la Mozambique. Tabilao tsy latsaka ny 20 no entiny ao ka ny zoma hariva izao manomboka amin'ny 7 ora hariva ny fanokafana izany amin'ny fomba ofisialy sy entiny manazava ireo vokatra ny aingam-panahy eo amin'ny asa famoronana ataony. Tsy hifarana moa raha tsy amin'ny 30 septambra ity fampirantiana ity ary tsy nasiana vidim-pidirana fa azon'ny rehetra jerena. Yasmine Fidimalala moa dia mpanao asa tanana, ary ny hosodoko amin'ny alalan'ny loko tsy afa-drano eo ambonin'ny lamba matevina no tena ataony. Miavaka amin'ny kanto ataony izy ka avohitrany amin'izany ny fifamatoran'ny natiora, ary tafiditra ao anatin'izany ny olombelona. Asongadiny amin'izany ny reny sy ny vehivavy amin'ny ankapobeny, ny omby izay mampiavaka antsika Malagasy satria tsy misaraka amintsika amin'ny fotoana rehetra, na ankafaliana na an-karatsiana,



Hamerina ny very sy ny hasin'ny fototra amam-paka masina sy manan-kasina amin'ny maha malagasy no tiany hambara ao anatin'ny sanganasany.

ny tontolo manodidina sy ny zavaboary, ary ny fivoarany. Mivoatra miaraka aminy mandrakariva ny asa kanton'ny artista, satria ny asa kanto dia asa mandra-maty. Rehefa tsy afaka mihevitra sy misaina ary manana aingam-panahy ary tsy mihetsika intsony vao tsy afaka manao na inona na inona intsony. Natao hiova sy hivoatra avokoa ny zavamananaina rehetra, anisan'izany ny olombelona sy ny manodidina azy. Yasmine Fidimalala mano-kana dia anisan'ny nianatra an'izany fivoarana izany isan'andro,

ara-batana, ara-tsaina, ary ara-panahy. Ny fanehoany ny zavakantoko, mazava ho azy, dia mana-raka izay ihany koa.

Mivoatra ny tontolo

"Ny fivoarana anefa dia miabo hatrany no tanjona fa tsy miiba, ao anatin'ny arapanahy indrindraindrindra, satria ny fanahy no olona, hoy isika Malagasy, ary izay ihany koa nahatonga ny lohatenin'ny fampirantiana hoe: être en esprit, na AINGAMPANAHY », hoy ity mpanao hosodoko manana ny maha izy azy ity nandritra



ny resaka nifanoavana taminy. Ny fanehoana ireo fivoarana tao anatin'ny tontolon'ny "Aingampanahy", ireo hetahetam-po sy hetahetam-panahy mbola mikiaka fanantenana te hanova zavatra mihoatra ny zavamisy iainana isan'andro eto amin'ny manodidina sy ny firenena, ny hetaheta te hiverina an-doharano, hamerina ny very sy ny hasin'ny fototra amam-paka masina sy manan-kasina amin'ny maha malagasy no tiany hambara ao anatin'ny sanganasany.

Tiaray R

*Notokanana tamin'ny alahady 13 aogositra 2023 teo ny tsangambato fahatsiarovana sy fanomezam-boninahitra an'i Bivy Tsivery. Any Morondava, renivohitra ny faritra Menabe, no nanaovana io tsangambato io. Ramanankoraisina Richard no tena anarany. Mpamorokira, mpandrindra hiray ary teknisiana nitantana ny Studio Mars no nahanfatarana azy. Namolavola ny talenta maro izy ka isan'ireny ny "Génération Mars", ankoatra ny tarika Tsivery, izay noforoniny. Nitondra anjara biriky goavana tokoa i Bivy tamin'ny andraikitra nosahaniny, indrindra ireo mpanakanto avy any amin'ny faritra Menabe. Ireto farany rahateo no tompon-kevitra tamin'ny fananganana ny tsangambato ho mari-pahatsiarovana azy. Ny Minisitran'ny Kolontsaina sy ny Serasera no nanohana azy ireo ary tonga nanatrika ny fanokanana ny tsangambato rahateo Ramatoa Minisitry.

*Neken'ny filoham-pirenena ny fangatahan'i Wawa hamoaka an'i Ninie Doniah any am-ponja. Nahazo famotsoran-keloka avy amin'ny filoha izy araka izany. Raha tsiahivina dia ny 3 aogositra 2023, nandritra ny fanokafana ny festival Somaoro, andiany faha-10 izay natrehin'ny filoham-pirenena no nandohalika sady kotsan-dranomaso i Wawa teny ambonany lapihazo : "Ampy eky zay na nisy aza ny fahadisoany", hoy izy. Tao anatin'ny fankalazany ny faha-56 taonany afak'omaly no nivoahan'io vaovao io tamin'ny tambajotran-tserasera. Araka ny vaovao voaray dia efa nivoaka ny fonja ny tenany.

Nangonin'i Fy



Nahazo famotsoran-keloka avy amin'ny filoha izy.



MINISTÈRE DE L'ÉDUCATION NATIONALE

DIRECTION DE L'ENCADREMENT SCOLAIRE ET DE L'INSPECTION PÉDAGOGIQUE

PROGRAMME « APPRENDRE » : ATELIER DE FORMATION DES ENSEIGNANTS POUR UNE AMÉLIORATION DES PRATIQUES PÉDAGOGIQUES

Poursuivant continuellement son objectif d'amélioration de la qualité de l'enseignement et de l'apprentissage à Madagascar, le Ministère de l'Éducation Nationale (MEN), par le biais de la Direction de l'Encadrement Scolaire et de l'Inspection Pédagogique (DE-SIP), a organisé un atelier de « Formation d'encadreurs à l'élaboration de grilles d'analyse des pratiques de classe filmées » du 7 au 11 août 2023 à l'Hôtel Vakinahandro à Antsirabe.

Ceci marque la troisième initiative entreprise par ladite direction, inscrite dans le cadre du programme APPRENDRE, « Appui à la Professionnalisation des Pratiques Enseignantes et au Développement des Ressources ». Ce projet financé par l'Agence Française de Développement (AFD) bénéficie de l'appui technique des experts de l'Association des Universités Fran-

cophones (AUF) et vise à accompagner les encadreurs dans la conception et la mise en œuvre de stratégies et de démarches spécifiques d'accompagnement professionnel des enseignants. En effet, un plan de redynamisation des Journées Pédagogiques au niveau de l'enseignement primaire est actuellement en phase de validation au sein du MEN. Parallèlement, un second atelier portant sur les avantages des échanges collaboratifs entre enseignants, conduisant au projet de création de Groupes d'Analyse de Pratiques Professionnelles (GAPP) au niveau des établissements scolaires, a également eu lieu. L'objectif global réside dans l'optimisation de l'efficacité des Journées Pédagogiques, en veillant à ce qu'elles contribuent réellement au renforcement des compétences des enseignants, couvrant à la fois les connaissances académiques et les méthodes pédagogiques. L'ensemble de ces démarches s'inscrit dans l'amélioration

de l'apprentissage des enfants malagasy.

Cet atelier a été dédié à la formation des encadreurs ciblés à l'élaboration de grilles d'analyse des pratiques de classe filmées, couplée au renforcement de leurs compétences dans l'utilisation des matériels numériques requis dans le cadre des Journées Pédagogiques révisées. Cette refonte s'articule précisément autour de l'observation et de l'analyse de séances d'enseignement capturées en vidéo. À noter que la mise en pratique de ces éléments sera réalisée au sein de trois (03) Circonscriptions Scolaires (CISCO) pilotes, à savoir Sambava, Ankazobe et Ambohidratrimo. Des missions de suivi, assurées par les encadreurs, ont été planifiées pour accompagner cette phase d'expérimentation. Les acteurs clés de l'encadrement pédagogique,

tant au niveau central que régional et local au sein du MEN, à savoir les Inspecteurs de l'Éducation Nationale, les Conseillers Pédagogiques de l'Enseignement Primaire ainsi que les Chefs de Zones Administratives et Pédagogiques, ont participé à cet atelier. Cette initiative incarne l'engagement du Ministère de l'Éducation Nationale envers une évolution éducative constante. En favorisant le développement professionnel des enseignants à travers une analyse rigoureuse et l'utilisation d'outils technologiques modernes, ce type d'activité fait progresser l'expérience éducative pour les mentors et les élèves, tout en renforçant l'engagement du pays dans la quête de l'excellence au sein de son système éducatif.



Le Ministère de l'Éducation Nationale est ravi d'annoncer l'ouverture officielle de la page "Mi@natra", qui met à disposition des outils et des contenus pédagogiques. Visitez-la dès maintenant !



Minisitran'ny Fanabeazam-pirenana Ofisialy



(mi@natra)



Akon'ny basket-ball

COSP

Hiatrika ny "Basket Africa League"

Vonona tanteraka amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Basket Africa League" indray ny "Club Omnisport de la Police Nationale". Mandra-pahatonga amin'ny dingan'ny famaranana amin'ny izany anefa dia tsy maintsy mandalo sivana amin'ny fanaovana lalao savarana-nando ny ekipa isaky ny faritra misy azy avy. Araka ny fanamarihana nataon'ny kaomisera Aina Andriambelo, dia manana fahavononana amin'ny hampiatra-noana ny lalao savarano-nando ny COSPN amin'ny alahady 01 oktobra 2023 ka hatramin'ny alahady 08 oktobra 2023, ao amin'ny



Vonona amin'ny fiatrehana ny "Road to BAL". (Sary : a.r)

lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina Mahamasina. Momba an'izany indrindra dia efa misy ny fangatahana nataon'ny federasionina

(FMBB) any amin'ny FIBA Afrique amin'ny handraisantsika ny lalao savarano-nando. Heverina fa tsy ho sarotra ny hahazoana an'

izany, satria resy lahatra amin'ny fandraisan'i Madagasikara fifaninanana iraisampirenena tahaka izao ny tompondraikitra ambony amin'ny fitantanana an'ity taranja ity aty Afrika. Ny kaomisera Samy Harison Olivier, Filohan'ny COSPN, miaraka amin'ny mpanazatra Julien Chaignot, kosa indray dia nanamafy amin'ny fangalana mpilalao vahiny (USA - Angola - Nigeria), miampy ny avy eto antoerana, hanatevin-daharana ny COSPN satria tsy vita mora ny fiatrehana ny "Road To BAL", izay efa nahazoany traikefa ny fandraisana anjara tamin'izany voalohany.

Lalaon'ny Nosy

Tsara ho fantatra ireo mpilalao 3x3 sy 5x5

Nivoaka ny lisitr'ireo mpi-lalao lahy sy vavy hiaro ny voninahy-pirenena amin'ny lalaon'ny nosy eo amin'ny basket-ball lalaovin'olon-telo sy dimy toy ny maha-zatra. Tahaka izao ny momba azy ireo : "3x3" / *Lehilahy* : Livio Ratianarivo - Elly Randriamampionona - Arnol Solondrainy - Rick Ley Loubacky ; "3x3" / *Vehivavy* : Sydonie Andriami-hajirina - Muriel Hajirina - Rondo Raherimanana - Christiane Jaofera ; "5 x 5" / *Lehilahy* : Elly Randriamampionona - Livio Ratianarivo - John Ravelomanantsoa - Orlando Robimanana - Rija Lahotan - Jerry Pépin Rabibisoa - Monja Faralahy - Marco Rakotovo - Cedric Andria-tsimialona - Fiaro Johnson Rakotonirina - Arnol Solondrainy - Fabrice Constant Mandimbisoa ; "5x5" / *Vehivavy* : Miora Mampio-nona - Fanjatiana Raoliana-soa - Emeranchine Raherimanana - Christiane Jaofera - Muriel Hajirina - Kristina Rakotobe - Angela Andria-tahina - Sydonie Andriami-hajirina - Elinah Chantiah Ranarisoana - Jessica Vavi-soa - Sarobidy Randriata-hiana - Avotra Rasoafina-ritra.

aris rafaly

Kitra - Ligin'i Diana

Hitondra fanovana ny filoha Ndriamparany Anatole

Eo am-piandrasana ny vokatra ofisialy avoakan'ny vaomeira manokana mikarakara ny fifidianana dia efa saika fantatra avokoa ny anaran'ireo filohan'ny ligim-paritra voafidy tamin'ny asabotsy lasa teo, ho an'ny taranja baolina kitra. Anisan'ny lany tamin'izany i Ndriamparany Anatole, tany amin'ny ligin'i Diana. Azo lazaina ho filoha zandriny indrindra izy, kanefa tsy tongatonga ho azy fa nandalo ireo dingana rehetra, eo amin'ity taranja ity. Nisy 5 ny kandida nirotsaka, 5 ihany koa ny seksiona mpifidy. Nahazo vato 3 i Anatole, raha samy iray avy kosa no azon'i Martial sy Jean Marie. Tsy nahazo vato ireo kandida ambiny, dia i Vivien sy Soamady. Nambaran'i Ndriamparany Anatole fa ny ligin'i Diana no azo lazaina fa gisitra raha eto Madagasikara, kanefa manana mpilalao manan-talenta maro. Ny mpitondra mihitsy no mila miova fa efa tsy maharaka ny fandrosoana sy ny fivoaran'ity taranja ity amin'izao fotoana izao. Nohamafisiny fa mila fiovana sy rivo-baovao ary fisokafana ny olon-drehetra any amin'ny faritra Diana, ka nahatonga izao fanovana izao. Anatan'ny fandraharan'asany ny hametrahana ho matihanina



Miandrindra fanovana goavana hoentiny i Anatole amin'ny fitantanana ny baolina kitra any Diana ny rehetra.

ny fikarakarana ny fifinanana. Hitady mpanohana sy mpiara-miasa hahafahana manampy ireo seksiona. Ezahina halavaina ny fifinanana, mba ho maro ny lalao, ka ekipa matanjaka sy ampy lalao tsara no ho tafavoaka tompondaka. Horaisiny lity an-tanana ny saram-pandraisana anjara ho an'ny solontenany rehefa hiatrika ny fifinanampirenena. Ankoatra ny fiadiana ny tompondakam-paritra dia hiezaka hikarakara fifaninanana momba isan-karazany ny lity. Ha

fampivoarana ny baolim-behivavy sy «beach soccer» dia hisy ny fifinanana ho azy ireo. Homena fampitaovana ireo seksiona, toy ny baolina, harato sy plots... Azo lazaina fa efa mipetrakava avokoa ny fandrahanasa rehetra ho an'ny ekipan'i Ndriamparany Anatole, izay tsiahivina fa mpiandry tsatoby tao amin'ny CNaPS Sport ary efa voaantso tao anatin'ny ekipam-pirenena, lasa mpanazatra ary mitantana klioba

A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

Siteny Randrianasoloniaiko

Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-10)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-10)

* Frigo, machine, debara, kilalao, lamba, kiraro, poketra. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-10)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro, Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-11)

COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. G-BA 621/5-3)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 623/4-1)

SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 620/6-5)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-6)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 622/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 622/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 622/6-3)

PETITES ANNONCES Gazetiko

Betafo

Maty nodarohana tamin'ny "bois rond" izy mianaka

Tsy nisy zavatra lasan' ireo olon-dratsy akory teny amin'izy ireo.

Vonoan'olona mahatsiravina indray ity nitranga tao Ambohipihaonana, kaominina Betafo, ny alahady alina teo. Rangahy lehibe iray efa mananika ny fitopolo taona niaraka amin'ny zanany lahy dimy amby roapolo taona no maty nisy nively tamin'ny "bois rond". Teny an-tanimboly niandry

fambolena tsaramaso andro alina izy ireo izao nisy namono izao. Tsy nisy nahita na nahatsikaritra ny zavainitranga ny mponina teny amin'ny manodidina noho ny andro maizina. Efa maraina vao nisy nahita ny fatin'izy ireo nitsirara teo antanimboly. Olona sendra nankany an-tsaha vao maraina no nahita izany ka nampandre haingana ny mponina teo an-tanàna. Vetivety dia niely ny vaovao ka nirohatra nankany

an-tsaha nijery izany ny mponina.

Tsy fantatra

Raha ny fanazavana hatrany dia tsy nisy zavatra nalain' ireo olon-dratsy akory teny amin'izy mianaka ireto. Noho izany dia mbola tsy fantatra mazava ny tena antony namonoana azy ireo na disadisam-piarahamonina na asan-jiolahy. Efa eo am-pelatanan'ny mpi-tandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka

mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy nahavanona izao vonoan'olona izao. Voalaza fa vely kibay teo amin'ny lohany avokoa no nahafaty azy mianaka ary toa noken-drena mihitsy nanaperana ny ainy. Mihorohoro tantee-raka ny mponina any antoerana manoloana izao zava-mitranga sy ny firon-gatry ny tsy fandriampahalemana izao.

R.C

Ankazobe

Taksibrosy sy kamiao nifandona, olona 1 no maty, 3 naratra

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona teny amin'ny lalam-pirenena faha-4 iny, omaly maraina tokony ho tamin'ny 3 ora. Fiara sprinter taksibrosy sy kamiao no nifandona teo amin'ny PK 136+400, lalana vao hivoaka ny tetezana eo Andranofeno, distrikan'Ankazobe. Olona iray no maty tsy tra-drano vokat'izany ary mpandeha telo no naratra mafy. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ireo fiara niharan-doza. Kamiao avy any Mahajanga hihazo an'Antananarivo renivohitra no nifandona tamin'ilay taksibrosy nifanohitra lalana taminy. Taorian'ny fifandona-n'ireo fiarakodia ireo dia nivarina tany amin'ny sisin-dalana, izany hoe tafavoaka ny arabe tokony ho nalehany. Olona mekanika teo amin'ny hisatra no nahatonga ity loza ity, miampy tsy fitandreman'ilay mpamily kamiao, araka ny fanazavana.

Tsy misy ahiana

Raha ny angom-baovao voaray hatrany dia lehilahy iray sahabo ho 56 taona io namoy ny ainy io, mpandeha tao amin'ilay taksibrosy. Ankoatra izay dia mpandeha iray hafa tao ihany koa no naratra. Olona roa hafa, tompon'ilay kamiao sy ny mpamily mpanampy tao amin'io fiara be io ihany koa no naratra. Efa samy nomena fitsaboana sahaza azy avokoa izy ireo amin'izao ao amin'ny hopitaly « CHRD » Ankazobe ary tsy misy ahiana loatra ny fahalasamany. Taorian'ity tranga ity dia tonga nanao ny fanadihadiana teny an-toerana ny zandary avy ao amin'ny brigady Ankazobe. Notazomina vonjimaika hanaovana famotorana kosa ilay mpamily ny kamiao.

Ariel D.

Ambohidratrimo

Fasana roa nisy namaky

Nisehoan'ny vaky fasana roa tany amin'ny toerana antsoina hoe Andrianifonana, fokontany Manakambahiny, eny Anosiala Ambohidratrimo, afakomaly tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany maraina. Nitangorona ny olona teny an-

toerana raha vao nahafantatra ny zava-niseho. Tonga teo ihany koa ny sefo fokontany ka izy ireo no nampilaza ny mpitandro filaminana. Vantany vao nahare ny zava-niseho ny zandary dia nidina ifotony nanao fizahana. Tamin'ny

fotoana nahatongavan'izy ireo teny an-toerana no nahitan'izy ireo fa mitanilaila ny varavarana ireo fasana roa ireo. Efa tonga teny an-toerana moa ny tompon'ny fasana ka tamin'izany no nahitany fa taolan-dava no nangalarin'ny olon-dratsy

tao ary razana iray no very. Manoloana ity tranga ity dia nentanin'ny zandary ny tompon'ny fasana mba hametraka taratasy fitoriana olon-tsy fantatra. Mitohy ny fanadihadiana.

T.H

Ihoso

Kamiao nisy nanafika, olona iray maty voatifitra

Kamiao mpitatitra entana iray indray no notafihin'ny jiolahy nitam-piadiana tao Sahambano Ihosy, ny faran'ny herinandro teo. Olona iray no namoy aina tamin'izany, zay notifirin'ireo jiolahy. Araka ny fanazavana azo dia kamiao avy nitety

tsena tany amin'ny faritra Andranombao sy Ranotsara no nosakanan'ny jiolahy raha hiditra tetezana tao Sahambano. Tsy niasalala ireo jiolahy fa nitifitra avy hatrany raha vao nandalo ilay fiara. Namaly tfitra ihany koa ireo tao anaty

kamiao, satria nanana basy, sady nanohy ny diany hatrany. Na teo aza anefa izany dia nisy voan'ireo jiolahy ihany ny tao anaty kamiao ka io namoy ny ainy io. Vaky nandositra kosa ireo mpanafika ka tsy nisy zavatra lasan'izy ireo tany

amin'ireo voatafika na vola na entana. Efa nampandre-nesina moa ny mpitandro filaminana ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

R.C

Ambohipo

Misy mitady hamoaka any Tsiafahy sahady i Roger Volcant

Jiolahy rain-dahiny nikoi-zana efa nokarohina i Roger Volcant. Roa herinandro lasa izay izy no voasambotry ny polisy. Talohan'izay dia efa betsaka ny asa ratsy vitany, raha tsy hilaza ihany isika fa anisan'ireo tambajotran-jiolahy nanafika mpan-draharaha teny Ambohipo ity olon-dratsy ity. Any Tsiafahy izy amin'izao mamita sazy saingy misy mitady hamoaka tao am-ponja

sahady. Raha zohina dia mpan-draharaha iray misehatra amin'ny fividianana volamena no notafihin'ny Roger Volcant sy ny namany. Tratra avokoa ireo nahavanon-doza ary efa naiditra any Tsiafahy. Heno fa manampahafana, na olona ambony iray no mikasa hanome volabe hamoaka io olon-dratsy io any am-ponja. Manoloana izany dia manao antso avo amin'ny tompo-

nandraikitra mba hijery akaiky ity raharaha ity.

Ezaka

Marihina fa anisan'ny mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ny zava-misy toy izany. Mbola olona ao amin'ny faritra Atsinanana ao, izay vao nivorian'ireo tompondraikity ny filaminana vao haingana ny resaka voafonja mivoaka ny toerana tokony hitazomana azy. Matetika ireny gadra ireny

no tratra manao fanafihana mitam-piadiana. Noho io no miteraka tsy fandriampahalemana. Ilaina araka izany ny fandraisana fepetra hentitra na ny fanaraha-maso ny voafonja sao hisy halaimpanahy handray tsolotra ka hanimba ny ezaka vitan'ny mpitandro ny filaminana manao ny ainy tsy ho zavatra misambotra an'ireny mpambotry firenena ireny.

Ariel D.

Ambohitrimanjaka

Lasan'ny jiolahy ny vola vidin-trano, voavely hazo ny tompon-trano

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana ny faran'ny herinandro teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina tany amin'ny fokontany Farahindra, eny Ambohitrimanjaka. Tokantrano iray no lasibatra ny asa ratsy tamin'io fotoana io ka lasan'ireo jiolahy tamin'izany ny vola vidin-trano mitentina 10 tapitrisa ariary. Araka ny fanazavana azo dia jiolahy efatra nitondra hazo sy zava-maranitra no tonga nanatanteraka ny asa ratsy tao amin'ilay trano. Nanao izay fomba rehetra nidirana amboletra tao amin'ilay trano ry zalahy. Nosikiriny avy aty ivelany ny varavarankely dia novakiany ary teo izy ireo no nitsofoka. Mbola tsy natory izy mivady tompon-trano tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo jiolahy tao. Ary rehefa tao izy ireo dia nambanany sy norahonany tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny ireo olona rehetra hitany tao anaty trano. Ilay rangahy tompon-trano avy dia nokapohin'ireo mpanafika teo amin'ny lohany mihitsy ary nataony izay namoahana ilay vola vidin-trano. Rehefa azon'ireo jiolahy izay nilainy dia lasa nitsoaka izy ireo. Nampandrenesina ny mpitandro filaminana taorian'izay ka efa tonga nijery ifotony ny zava-niseho. Efa mandeha ny fikarohana ireo jiolahy amin'izao fotoana izao. Heverina ho olona efa mahafantatra ny fisian'io vola io tao amin'ilay trano no nahavita ny asa ratsy na koa misy ifandraisana tamin'ireo olon-dratsy.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME



TENY MIAFINA N° 618

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. Vakiana tsotra ny valiny.

P	F	D	A	J	V	Z	V	J	D
N	S	I	R	L	R	I	S	N	A
M	O	S	N	D	T	L	T	S	M
Z	I	R	G	A	G	B	O	Y	P
G	P	N	Y	O	D	Y	H	P	G
S	I	E	H	O	H	B	E	Y	S
B	G	N	O	A	D	O	H	G	B
E	V	P	N	P	V	R	O	R	E
Z	O	F	E	D	E	L	F	A	P
O	F	O	A	L	J	Z	J	K	Y

06 litera

Valin'ny teny miafina 617 : MOSARY

VALIN'NY									
Kakuro 617									
12	92	18	91						
34	251	89	765						
93	852	4761							
751	412	421							
13	493	62857							
9621	4319								
893	2674	79							
978215	3812								
21	8391572								
1	94	87965							
928	5196	42							
635789	9853								
81	162	8231							

VALIN'NY									
TENY MIRANDRANA Lah. 7643									
M	•	A	F	A	N	T	O	K	A
A	F	•	O	M	P	A	N	A	I
M	I	K	A	P	O	K	A	•	N
I	T	•	I	•	I	•	R	A	
L	A	H	A	T	R	A	•	E	R
I	O	•	S	I	N	•	H	E	
A	V	A	L	O	N	A	R	E	O
•	A	O	•	D	•	T	•		
•	N	•	Z	•	R	•	R	•	
F	I	T	A	R	A	T	R	A	•

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.


+	□	K	=	□	H	+	=
+	□	2	=	□	X	5	+
+	□	R	=	□	5	+	+
+	□	M	=	□	5	+	+

Valin'ny lalao omaly

ISAN'ANDRO IZY NO MITOMANY ETSY

TENY MIDINA

1. laoka
2. Ingoa
3. Mpanolotra
4. Ataovyambony
5. Resim-pitiavana



Valin'ny
TENY MIDINA
omaly

1. RA
2. ORA
3. HARO
4. ARAHO
5. MOHARA

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.

Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



17644 A



17644 B

LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambara ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambara dia ho hitanao ny valiny

R	A	F	A	K	O	N	A	M	O
O	A	A	I	N	I	N	P	E	R
O	S	N	L	S	I	R	S	S	
T	G	A	A	O	T	A	O	O	A
A	A	N	M	S	N	K	K	R	F
H	G	O	A	I	K	A	A	A	I
I	D	B	M	T	F	R	N	T	D
O	O	A	D	I	A	A	A	I	
I	L	N	N	O	N	N	D	N	O
A	K	I	D	O	T	I	M	I	I

TAHIO	SOKAFI	MAMALIA	SAFIDIO	MITODIKA
GOAIIKA	TAOMINI	NITANGO	ALONANAO	SORATANI
MIFADI	DAKAINA	FANANO	MANOKAFA	ALAMINAREO
IMASO	DOMOINA	NISANGI	MPITSABO	NIAKARANI

- Valin'ny lalao omaly : - ASIANAY - IKALA

NY TONONANDRONAO ALAROBIA 16 AOGOSITRA 2023

Asorotany 18 aprily - 14 may

Tsy tokony hisy olana raha ny marina.

Alahasaty 15 may - 12 jona

Asa: Ataovy mandeha lojika ny fangatahana fison-dran-karama ataonao.

Fitiavana: Aleo handeha tsikelikely ireo dingana ataonareo.

Asombola 13 jona - 11 jolay

Asa: Aleo miaraka amin'ny be sy ny maro ihany raha azo atao.

Fitiavana: Mila jerena ny lafiny fitiavana.

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

Asa: Mila ovaina ny fomba fiakanjonao.

Fitiavana: Mandeha tsara.

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

Ny ezaka dia mila tohizana hatrany.

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

Tsy misy tsy vitan'ny fifampiresahana raha mbola olana.

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Asa: Araho foana aloha ny toromarika izay omen'ny lehibe.

Fitiavana: Mila matanja-tsaina amin'ny zava-mitranga rehetra.

Adalo 08 novambra - 06 desambra

Ezaho ho hatsaraina foana ny kalitaon'ny asa izay ataonao.

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

Aleo manatona mpitsabo raha misy mampanahy anareo.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

Asa: Manatona ireo efa za-draharaha raha sahirana e.

Fitiavana: Mety aminareo raha maka tso-drano avy amin'ireo raia mandreny.

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Manàna faharetana hatrany amin'ny fanatanterahan ny asa.

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

Ianareo roa ihany no tena ahita vahaolana amin'ny resaka fitiavana.

TONDRO-TENY

Aretina						Lahatra
Tsirinteny						Tratra(br)
						Azera
						Fisotro
						Ankehitriny
						Ivy(br)
						Fangalana
						Laoka
						Ambany(bl)
						Makina
						Mpampiankina
						Angona(br)
						Aretina
						Betsaka
						Solontena


Valin'ny tondro-teny
omaly

A	L	A	V	O	•
M	A	H	I	T	A
A	V	O	N	A	•
H	•	L	A	K	A
A	S	A	•	O	M
N	A	T	I	•	P
A	H	•	O	S	I

TENY MIRANDRANA Lah. 7644

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

AVIA	ENDASO	MITSENA	TATERIKO
TAONA	TSOTRA	RANAREO	MPANOTRA
FIADI	SAHONA	NEFAINAO	VINAVINA
DINA	OHATRA	FOIBENI	NITROSANAI
ARINA	AHOANA	ISAORANA	



KAKURO 618

	12	21		17	29		24	31		24	9
4	3		16			9			23		
26						21					
	45										11
3			45				20				
26						36			20		
6						17					
	9	21	14			17				37	21
41									16		
6									29		
	38								13		
19											
41									22		
10						9			11		

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Manankarena potassium ny ananambo ka tena tsara ho an'ny olona miakatra tension. raviny 10-15 isa eo isaky ny rano avy nangotrakairay vera sotroina indray mandeha isan'andro.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany

NI	..	TSY
DIT	..	KA
SA	..	NO

Valin'ny lalao omaly : FETRANY + MPANOMPO + NIPASOKA = RANOMASO

R ireo olona tsy mahita mangirana
E ami'ny fiainana ity dia tsy mihomehy
S intsony fa adinony tanteraka izany.
A Fa ireo olona mahita hafaliana sy tsi-
K rony kosa dia mihomehy foana
' mahatsiaro ny lasa niainany taloha.

Sarisary zary tenany Mivavaha **Hatsikana an-tsary** Barazy



Masoandro iposaka

Mpitsara 16:22

Ary dia naniry indray ny volon-dohany, rehefa voaharatra.

Indray mipika

FIHINAHAN -TRAFON-KENAM-BANGA, LASA TSY ANTONONTO NONY ; TSY RE TSIRONY DIA VOATELINA.

Panel 4: FIHINAHAN -TRAFON-KENAM-BANGA, LASA TSY ANTONONTO NONY ; TSY RE TSIRONY DIA VOATELINA.

Panel 5: FA INONA NO TENA DIKAN' IZY LO E..

Panel 6: HAY VE IOVE DE TSY AZONAO

MBA HILAZANA AMINAO HOE REHEFA VOAHITSAKA IANAO DE TOA AN' IO...

TSOLANA DE RA... DE TSOLANA DE RA DE... FOTSY DE MENA E... ZAO IANAO TSY SAHY VAO MAHITA KO...

Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

Noho ian'ao...

Panel 7: HATAONAO INONA INTSONY MUA IZUE ENY E.. NEFA RALA TINDO HO FANTATRA NY ANARANY DE HOLZAIKO IHANY.

Panel 8: RAMAROSON DAVID ABIA. MR DAVY E.. ZAY NO ANARANY.

Panel 9: RAMAROSON DAVID... TSY MISY NA DE NY ANARANY AZA MBA NENTIKO.VE?

TE, IZAHAY NO NANOME ILAY HOE RAIVO RANASIAIVELO ANAO ANKA...

TONGA NY YADIKO RY ZARAO A... MIDIRA IANAO FA MIANDRY NY OLONA...



Chabolana

Mifankatia tsy mifamarafara : ady no farany.

S'aimer sans s'entendre : ça finit par des querelles.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3024

6			4	3				8
2		1	7		8			
	2	6	8			9		
		3			1		5	
9	8	2	4			1		
					9			
				5				
	7					3	9	

Valin'ny laharana 3023

5	3	6	2	4	9	8	1	7
7	4	2	8	3	1	6	9	5
9	1	8	5	6	7	2	3	4
8	9	7	1	5	6	4	2	3
3	2	5	9	8	4	7	6	1
1	6	4	3	7	2	5	8	9
4	8	9	6	1	5	3	7	2
2	7	3	4	9	8	1	5	6
6	5	1	7	2	3	9	4	8

Antananarivo Renivohitra

Tsy matihanina ny 82 isanjaton'ny "Taxi-môto"

Mirongatra ny fanaovana "Taxi-moto" eto Antananarivo Renivohitra. "Misy eo amin'ny 5 000 eo ireo mpi-sehatra amin'ny fitaterana amin'ny kodiaran-droa eto an-dRenivohitra. Ny 900 amin'ireo ihany anefa no miditra fikambanana ary manana karatra maha matihanina ara-dalàna, na dia tsy voatery hanana ny fanamiana famantarana manokana aza. Misy ireo minia tsy manara-dalàna noho ny fisian'olona manaratsy ny fikambanana efa mijoro ara-dalàna. Tsy afenina fa miroborobo mila tsy ho voafehy ity karazam-pitaterana ity ankehitriny manoloana ny fanafihana mahazo ny mpandeha, na ny mpitondra moto, ary ny



Namory mpanao gazety tao amin'ny foiben'ny Andohatapenaka ny VMTM, afak'omaly. (Sary : Yvon Ram)

fialokalofana ataon'ny jio-lahy. Miantso ireo mpisehatra rehetra mba hiditra ao anatin'ny matihanina ary mananga ireo mpanjifa mba hijery ny karatra maha matihanina fara fahakeliny

vao mandeha mba hisorohana ny loza", hoy ny filohan'ny VMTM (Vovonan'ny Mpitatitra Taxi-moto Mailaka), Ramamonjisoa Fulgence. Tsihivina fa efa nahazo ny fankatoavan'ny

kaominina Antananarivo renivohitra ny fanaovana ny "Taxi-moto". Mbola tsy nisy kosa ny famoahana ny fitsipi-pifehezana ho an'ity karazam-pitaterana ity, toy ny lafiny ara-ketra, ny fiantohana, ny fahasalamana, ny tanjaky ny moto, ny fahazoan-dalana mitondra, sns. Nankin'ity fikambanana ity amin'ny kaominina ny famaritana ireo fepetra ireo, saingy nohamafisiny fa vonona hiady sy hiaro ny tombontsoan'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifampiresahana sy ny fifandresen-dahatra atao hatrany ny fikambanana mba hanatsarana sy hampandrosoana ny asa fitaterana.

R. Muray

Bakalorea 2023

Mahajanga 56,96 isanjato, Antsiranana 66,32 isanjato ireo afaka

Samy nivoaka ny valim-panadinana Bakalorea 2023 natao farany teo : Mahajanga sy Antsiranana. Raha ny tany Mahajanga dia 56,96 isanjato ny salam-pahafahana. Mpiadina 13261 no afaka tamin'ireo kandida 23 533 nisoratra anarana. Toy izao ny fitsinjarana isaky ny "série" tamin'ny fahafahana'ireo mpiadina: A1: 63, 51 isanjato; A2: 58, 48 isanjato; L: 69, 37

isanjato; C: 72, 72 isanjato; D: 45, 15 isanjato; S: 43, 60 isanjato; OSE: 50, 60 isanjato. Raha ho an'ireo mpiadina nisafidy ny teknika indray dia 69, 17 isanjato ny salam-pahafahana ka 812 tamin'ireo 1174 no afaka. Taorian'i Fianarantsoa, efa namoaka ny valim-panadinana Bakalorea, dia efa namoaka ny azy ihany koa Antsiranana. 66, 32 isanjato ny salam-pahafahana. Tamin'

ireo mpiadina rehetra nisoratra anarana 17292 dia 10616 no afaka soaman-tsara tamin'ny fampianarana ankapobeny izay nisy mpiadina 11648. Raha ireo isaky ny "série" afaka dia A1: 72, 62 isanjato; A2: 66, 36 isanjato; C: 64, 50 isanjato; D: 56, 96 isanjato; L: 73, 07 isanjato; S: 43, 77 isanjato; OSE: 66, 97 isanjato. Raha ho an'ireo mpiadina ho an'ny fampia-

narana teknika indray dia 852 ireo afaka, ka 89, 68 isanjato. Hivoaka amin'ity herinandro ity ny valim-panadinana Bakalorea ho an'ireo faritany telo tsy mbola nahavita izany. Raha ho an'Antananarivo dia ny 17 aogositra 2023 izao, izany hoe ny alakamisy, izao no vinavianaina fa hivoaka raha ny vaovao avy amin'ny tompo-ndraikitra misahana ny Bakalorea.

Heriniaina

Tontolon'ny jono an-dranomasina

Nahena 69 ny isan'ireo sambo afaka manarato

Sambo miisa 255 no nan-jono teto Madagasikara ny taona 2021 iny. Noho ny fitombon'ny mponina sy mba ho fitantanana maharitra ny harena an-dranomasina dia nahena ho 69 izany ankehitriny, ary 47 amin'ireo dia mpanjono krevely, na "chalutiers crevetiers", avokoa, raha ny fanazavana avy eo anivon'ny Minisitery Jono. Ny Filankevitry ny Minisitry na nanome alalana ireo orinasa mpanarato hanao ny

fifanarahana, na "protocole d'accord". Tsy mbola nisanatontosa izany aloha hatreto, noho izy ireo mbola misalasala, satria nanao fanavaozana isika ka nampiakarana ny vola naloa. Tsy misy sambo indostrialy manjono trondro eto amintsika ary tsy misy Sinoa manjono trondro mamintana trondro lehibe ho an'ireo sambo manjono amin'izao ireo, ary tsy ahitana harato na 1m aza. Ny faritra natokana ho an'ireo mpanarato madinika

dia tsy azon'ny sambo indostrialy idirana ao anatin'ny, dia ny sambo 2000 raha ho an'ireo mpanarato "crevette". Sambo 8000 kosa raha mpanjono karazan-trondro. Araka izany, tsy mampihena ny vokatra ny harena an-dranomasina eto amintsika ny fisian'ireo sambo nahazo alalana manarato amin'ny ranomasina eto Madagasikara. Ny fanjakana no manome alalana azy ireny fa olon-tokana eo anivon'ny Mini-

sitera mpiahy. Tsihivina fa raha tamin'ny taona 2022 lasa teo dia "crevettes" 4170 t no vokatra azo nanerana ny rano rehetra teto amintsika, nanomboka ny fiandohan'ny volana martsa. Raha ny vola naloan'ireo mpanondrana ny "crevette" tamin'ny fanjakana kosa dia nisy 13.081 miliara Ar tamin'ny 3332 t naondrana tamin'io taona voalaza etsy aloha io ihany, raha ny tatitra nataon'ny Minisitery mpiahy.

Heriniaina A.

Fanjakana saodiana

Nanolotra fanampiana mitentina 2 tapitrisa Dôlara

Manohana ireo vahoaka marefo eto Madagasikara ny fanjakana saodiana. Omaly dia tonga nanatitra fanampiana ara-tsakafo mitentina 2 tapitrisa Dôlara (manodidina ny 8, 9 miliara Ariary) teny amin'ny BNGRC, na Birao nasionaly misahana ny fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza, Antanimora, ny solontenan'ny masoivohon'i Arabia Saodita. Harom-batsy eo

amin'ny 44 052, ahitana vary 25 kilao (Kg), tsaramaro 10 Kg, ary menaka roa litatra no hozaraina amin'ireo fianakaviana sahirana. Efa inefatra no nitondra ny anjara biriky teny amin'ny BNGRC ho fanampiana ny mpiara-belona ny fanjakana saodiana, ary mitentina 2,5 tapitrisa Dôlara ny fitambaran'ny fanampiana nentiny tamin'izany. "Ireo fianakaviana sahirana tamin'

ny fandalovan'ny rivozoza farany teo sy ireo tratran'ny tsifanjariantsakafo ao amin'ny faritra Atsimo Atsinana sy Atsimo Andrefana no atao laharam-pahamehana amin'ireto fanampiana ireto. Mbola mitohy koa anefa ny fanampiana tamin'ilay diabe ho fanampiana ny maha olona any Atsimo, koa efa vita ny tany amin'ny distrikan'Ifanadiana sy Ikongo ary mbola hotohizana man-

kany Nosy Varika, Manakara, Mananjary, Atsimo Atsinanana, vao miditra mankany Atsimo Andrefana. Mbola manana tahirin'entana be dia be ny BNGRC, ka vinavianaina mbola hisy fianakaviana eo amin'ny 50 000 hisitraka fanampiana.", hoy ny tale jeneralin'ny BNGRC, Jly Elack Olivier Andrianakaja.

R. Muray

HOTSAKOTSAKOINA

«Ny famitahana sakaiza tsy hahalasa lavitra, fa raha izay no mahatafita, dia harena tsy haharitra.»

Ny Vetso (24.11.13)

(«La trahison ne réussit jamais car lorsqu'elle réussit, on lui donne un autre nom.» Proverbe Américain)

Pantina

Tongolo egypta, sakamalao, tantely

Azo ampiasaina hisorohana sy hitsaboana ny alerzia Fotoana mampihetsika ny "allergie" izao. Lasa miovaova be mantsy ny toetr'andro, mbetika avy ny orana, mbetika mipoaka ny masoandro, mbetika mamirifiry ny hatsika. Isan'ny haingana hiadiana na hisorohana an'izany ny "tongolo egypta", sakamalao ary ny tantely.

Aparitaka eran'ny trano

Matetika rehefa tratran'ny allergie, dia mikohaka, voan'ny sery ary tsentsina ny orona. Ny tongolo egypta na "oignon" no tsara ampiasaina ho an'ireo tratran'ny sery sy ny kohaka. Miaro amin'ny fiparitahan'ny aretina amin'ny ao antokatrano ihany koa ny tongolo "egyptia". Tetehina fisaka ny tongolo, atao anaty vera misy rano, dia apetraka ao an-trano. Azo aparitaka ao an-trano, eny hatreny andoham-pandriana ihany koa ny tongolo novoasana.



Atao Sirao

Tongolo egypta iray soto fihinanana, totona miaraka amin'ny tongolo gasy sy sakamalao iray soto avy. Izany hoe atao mitovy avokoa ny fatrany. Ampangotrahina amin'ny rano 1 litatra miaraka amin'ny tanely 7 soto fihinana. Avela hangatsiaka ary azo tehirizina mandritra ny herin-taona.

Azo atao ihany koa ny manafangaro ny tongolo egypta voatetika amin'ny tantely, atao "sirop" ary sotroina intelo isan'andro.

Manome hery haingana

Rehefa ao anatin'ny aretina dia reraka ny marary. Isan'ny fanafody manampy hery haingana ity omenay ity. Totonina ny sakamalao, dia afangaro amin'ny ranomboasary makirana sy tantely. Tsara kokoa raha mampiasa diloilo ahosotra amin'ny tenda sy ny lamosina mba hahazo hafanana.

Nangonin'i Fy



Gazetiko

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A. Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000 Tale jeneraly : Jeremy RABESAHALA Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06 Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10 Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo Tél : 22 697 79 / 22 697 80 Fax. 22 273 51 e-mail : midigazetiko@gmail.com D.L.I : 16 232- 08 - 23 Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

Polvrons farcis

Zavatra ilaina : poavrao 4, vary efa masaka 300g, olatra 100g, akoho, lafarinina 1 sotro lehibe, persily 2 sotro lehibe, voanjo nopotehina 4 sotro kely, vinaigra, divay fotsy 2 sotro lehibe, menaka 1 sotro lehibe, ranom-boasary makirana, sira sy dipoavatra ary persily. Fikarakarana azy : Teteho ny nofon'akoho dia asio lafarinina ary endaso amin'ny dibera kely avy eo. Tsihifo. Sasao madlo ny olatra dia teteho ary endaso miaraka amin'ny tongolo be avy eo. Sasao ny poavrao dia teteho roa. Tsoahy ny voany. Afangaro ny legioma sy ny vary ary ny hena sy ny kojakoja samihafa, dia asio sira sy dipoavatra ary ranom-boasary makirana. Asisiho anaty poavrao avy eo dia endaso kely. Arosoy mafana.